



**Fidiran'ny Sekoly Alahady**
**15 novambra 2020 amin'ny 8h30**


# Gazetin'Isotry Fitiavana


Novambra 2020 | Laharana 128 | Vidiny 500


*"... tsy hafa ity, fa tranon'Andriamanitra sy vavahadin'ny lanitra". (Gen. 28.17)*

## Miandrandra ny Fanahy Masina ny mino

(Asa 16.6-8)

Rehefa tsy izany dia manao KAPO-BATANA izy.

**Ny Fanahy no mampahafantatra ny programan'i Jesoa**

Tsy hoe rehefa asan'Andriamanitra no atao (eto Fitoriana Filazantsara) dia mety foana . Izany hoe azo atao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra itiavana azy.

• Eto ry Paoly dia avy any ATSINANANA, Derbe sy Lystra (and. 1)

• Noraran'ny Fanahy Masina tsy ho any ATSIMO , Asia, (and.6)

• Tsy navelan'ny Fanahin'i Jesoa hankany AVARATRA, Bitynia (and.7)

• Noho izany, LOGIQUEMENT, tokony ho any ANDREFANA !

**Miandrandra confirmation**

Tsia ry havana : tsy ny logique ihany eto no mibaiko an'i Paoly Apostoly sy ny namany : niandry CONFIRMATION ry zareo dia FAHITANA : VISION (and.9) vao resy lahatra. Izay matoky an'Andriamanitra ka vonona hanao ny sitrapony tsy havelany ho very hevitra ela fa omeny ny toro-làlana izay ilainy. Vanim-potoana manokana teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao no voalazan'ny perikopantsika : ny nahatongavan'ny Filazantsara tany Europe. AMEN.

***Pasteur Solofo RAMAHOLIMIHASO***

# Miandrandra famonjena ny mino





> Fa efa miseho ny **fahasoavan'Andriamanitra,** izay **famonjena** ny olona rehetra, **mampianatra** antsika **handà** izay toe-panahy tsy araka an'Andriamanitra sy ny filan'izao tontolo izao ary **ho velona** amin'ny onony sy ny marina ary ny toe-panahy **araka an'Andriamanitra** amin'izao fiainana ankehitriny izao,
>
> Titosy 2. 11-12

### Perikopa Novambra 2020

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 01 | Ala. XXI man. Trinite | Gen. 32. 4–13 | Mat. 9. 27–31 | Asa. 16. 6–10 |
| 08 | Ala. XXII man. Trinite Fitantanana ny Fananana | Sal. 130. 1–8 | Lio. 12. 35–40 | Tit. 2. 11–15 |
| 15 | Ala. XXIII man. Trinite SAMPATI | 2 Mpa. 19. 14–19 | Mat. 20. 29–34 | Asa. 3. 1–8 |
| 22 | Ala. XXIV man. Trinite KPMS | 2 Tan. 14. 10–14 | Mar. 7. 24–30 | Fil. 3. 17–21 |
| 29 | Advento I | Sal. 121. 1–8 | Lio. 21. 25–28 | Rom. 8. 18–25 |

## Lohahevitra oktobra 2020

# Mirosoa amin'ny finoana masina



Dwight Lyman Moody
1837 – 1899

### 04 oktobra

*«Fa ianareo kosa ry malala, dia atovy izay handrosoanareo amin'ny finoanareo masina indrindra, ka mivavaha ao amin'ny Fanahy Masina ; ary tehirizo ny tenanareo ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, miandry ny famindrampon'iJesoa Kristy Tompotsika ho fiainana mandrakizay»* (Joda 20-21)

Ny dingana afahana mitombo amin'ny finoana :

- **Ny Kristiana izay mitombo amin'ny finoana dia tia mivavaka amin'ny Fanahy**

Ny mivavaka amin'ny Fanahy dia mivavaka eo ambany fitariahan'ny Fanahy Masina.
Misy dingana 3 ny fiainana ny vavaka :
- Miresaka amin' Andriamanitra : Ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra tarihin'ny Fanahy Masina dia io firesahantsika amin'Andriamanitra io izany hoe : mampita ny hetahetantsika eo anatrehan'Andriamanitra.
- Mihaino izay lazain'Andriamanitra ary mamantatra ny sitrapon' Andriamanitra.
- Ny valin-tenintsika dia ny fanavaozana ny fanolorantena ho setrin'izany sitrapon'Andriamanitra izany.

Izany no vavaka izay mitahiry antsika amin'ny finoana ka afahantsika mandresy ny fampianaran-diso isankarazany.

- **Ny Kristiana izay mitombo amin'ny finoana dia mitoetra amin'ny fitiavana**

Noho ny fitiavan'Andriamanitra sy noho ny famindrampon'i Jesoa Kristy dia sitrak' Andriamanitra ho antsika ny fiainana mandrakizay, ary efa azotsika, koa dia aoka ho tehirizina amin'izany fitiavan'Andriamanitra izany ny tenantsika.

Ny fitiavan' Andriamanitra na fitiavana Agape dia marihin'ny asa ataon' Andriamanitra dia ny nanolorany ny Tenany ho famonjena ny hafa.

Ao amin'i Jesoa Kristy ny faratampon'ny fitiavana Agape dia ny nanekeny nanatanteraka ny sitrapon' Andriamanitra ka nanolorany ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana mba hamonjena antsika.

*RANDRIAMISAINA Triomphe, Mpitandrina*

### 11 oktobra

**UNE FOI, Foi qui Ouvre l'Impossible**

*«Ary ho fantatr'izao fiangonana rehetra izao fa tsy sabatra sy lefona no amonjen'i Jehovah ; fa an'i Jehovah ny ady, ary hanolotra anareo ho eo an-tànanay Izy»* (1 Sam 17.47)

Tantaran'i Davida sy Goliata. Goliata moa hoe «Géant». Goliata eto dia sarin'ny «Géants» rehetra hifanenantsika, toy ny fahavalo na trangan-javatra tsy hay resena.

Hoy ny mpitoriteny anankiray, ny finoana na « FOI » dia azo halavaina toy izao :
**F** : Foi
**O** : Ouvre
**I** : Impossible ;
izany hoe : «Foi qui ouvre l'impossible». Ary io no finoana nananan'i Davida raha niady tamin'i Goliata izy.

- **Hatreho amin'ny anaran'i Jehovah io adinao io**

Izay no fanalahidy sy ny tsiambaratelon'ny fandresena ara-panahy, ary tsarovy fa solontenan' Ilay Andriamanitra velona, dia Jehovah Tompon'ny maro ianao eo am-panatrehana izany adinao izany.

- **Ao anatin'ny ady, hateveno ny fifandraisanao amin' Andriamanitra**

Tsy sabatra, tsy lefona no amonjen'i Jehovah fa antsamotady sy vato kilonjy.
Mba handraisanao ny fandresena, dia alefaso amin'ny antsamotadin'ny «confiance» ny vato kilonjy izay sarin'ny Tenin'Andriamanitra efa nifankazaranao.

- **Ampiasao io finoana kely ohatra ny voantsinapy ananana io amin'ny fotoana hamelana ilay olona nanafintohina anao**

«...Ampitomboy ny finoanay... » (Lio 17. 5-6)
Eto dia Goliata ny famelana heloka ny olona izay nanafintohina anao.

Samy nizaran'Andriamanitra anjara finoana isika rehetra, koa ampiasao io finoana io fa i Jesoa izay efa nanome anao ny Fanahy Masina sy nanisy tombokase anao tamin'ny Fanahy Masina no hanampy anao handresy ny Goliatan'ny tsy fahaiza- mamela heloka.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

### 18 oktobra

**AOKA IANAO HO MPAMPITA FINOANA TSY MIHATSARAVELATSIHY AMIN'NY ZANAKAO**

*«fa nisy nahatsiarovako ny finoana tsy mihatsaravelatsihy izay ao anatinao, izay nitoetra taloha tao anatin'i Loisa renibenao sy Eonika reninao, ary matoky aho fa ao anatinao koa izany»* (2Tim 1. 5)

Raha manana izany finoana tsy mihatsaravelatsihy izany ianao dia : ho mpanisy soa ny ankohonanao, ary hanalavitra ny taranakao ny ozona, tsy hiahanahana ianao na dia ao anaty fizahan-toetra sy ny fahoriana aza.

- **Apetraho eo an-tanan'i Jehovah ny adinao ary manàna toky fa Azy tokoa izany ady izany**

«Aza matahotra na mivadipo ny amin'ireo olona betsaka ireo fa tsy anareo ny ady, fa an' Andriamanitra» (2 Tan 20.15)
Ny zavatra ataonao raha miatrika fizahan-toetra sy fahoriana dia :
- Mamantatra tsara ny olana.
- Manetry tena ka miaiky fa lehibe noho ianao io olanao io.
- Mahafantatra fa Andriamanitra dia lehibe lavitra noho io olana mahazo anao io.
- Mahafantatra ihany koa fa momba anao Andriamanitra.
- Tsy misy fisalasalana fa rehefa mitaraina ianao dia hamonjy anao Andriamanitra.

- **Ahoana no ahafantarana fa efa nametraka eo an-tànan'Andriamanitra ny adinao tokoa ianao ?**

-Tsy matahotra, tsy mivadipo intsony.
-Efa afaka misaina ny ampitso.
-Mahatoky tanteraka ny herin'Andriamanitra.
-Manana antoka fa rahampitso ianao dia hahatsapa ny fanatrehan' Andriamanitra.

- **Tena «arme redoutable» (fiadiana mahatahotra) eo am-pelatànan'ny mpino ny fiderana**

Ataovy eo am- bavanao mandrakariva amin'ny fotoana rehetra ny hira fiderana an' Andriamanitra eo anatrehan'ny fizahan-toetra dia ho hitanao fa hampandositra sy hanapotipotika ny fahavalonao, ary hampandresy anao Andriamanitra.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

### 25 oktobra

**INONA NO LAZAIN'NY ZANAKAO MOMBA ANAO RAINY ?**

Hafatra ho an'ny lehilahy, ary ny vehivavy (vady na zanaka na anabavy) dia ho mpampatsiahy ny toriteny sy ho mpitondra am- bavaka ny lehilahy ao aminy.
Afaka miteny ve ny zanakao fa ny dadany dia :

- **Mpanompon' Andriamanitra mitondra fampaherezana sy mampitony ny olona tafihan'ny fahavalo**

«Ary hoy Jehovah tamin'Isaia : Mivoaha ianao sy Seara-jasoba zanakao hitsena an'i Ahaza... ka lazao aminy hoe : Mitandrema ka aza taitaitra foana» (Isa 7.3)
- Mampianatra ny zanany hoe velona Jehovah, mandre sy mahita ny olana rehetra mianjady Izy, ary momba mandrakariva.
- Mampahery ny olona ho tafatoetra tsara na dia anaovan'ny fahavalo angaredona aza.

- **Olon'ny vavaka, sy modelin'ny fankatoavana**

«Ary nisy tandapa anankiray izay nanana zanakalahy nararary tany Kapernaomy... dia nakany aminy izy ka nangataka Azy mba hidina sy hahasitrana ny zanany...» (Jao 4. 46-47)

Mahafoy fotoana sy ny mahaizy azy mba hitady an'i Jesoa sy hitondra am-bavaka ny zanany noho ny fitiavan-janaka sy noho ny finoany ; ary nankatò izay lazain'i Jesoa.

- **Azony antoka fa rehefa tsy eo dia manatrika ny ankohonany amin'ny fanahy**

« Fa na dia tsy manatrika anareo amin'ny nofo aza aho, dia manatrika anareo ihany amin'ny fanahy » (Kol 2. 5)
Manatrika amin'ny fanahy, izany hoe ny fanahiny dia miombona amin'ny Fanahin'ny Tompo ka avy hatrany dia mitondra am-bavaka izay eritreretin'ny saina.
Loham-pianakaviana manana finoana masina ka mitondra am-bavaka ny ankohonany, ary mampianatra sy manazatra azy ireo hanana fotoana raikitra hiombonam-bavaka.

*RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina*

**Naoty nalain'i
Fara RAVELOARIMANANA**

## *Réflexions*

### Tout cela, est-ce à toi ?

Pour nous, notre cité est dans les cieux... Philippiens 3.20

Carl était un homme très, très riche. Il possédait de grandes propriétés. Un de ses passe-temps favoris était de monter à cheval se promener pour se pavaner à travers sa vallée, regarder tout ce qu'il possédait et se féliciter de sa grande richesse.

La vie d'un homme ne dépend pas de ses biens...

Un jour, Carl monta sur une colline. Au loin il aperçut un de ses commis fermiers, un vieil homme prénommé Hans. Il alla à sa rencontre.

Hans lui demanda à qui appartenait ce château, bien visible avec ses tours, en haut de la colline. — À moi, répondit Carl.

Puis, pour étonner davantage encore le paysan, il ajouta : "Vois-tu cette vaste forêt, ce beau lac, ces prés, ces champs...? Tout cela m'appartient, c'est à moi !"

L'homme le regarda longuement puis, il lui montra le ciel : "Et cela, est-ce à toi ?"

Si nous n'avons regardé jusqu'alors qu'aux choses matérielles qui n'existent que pour un temps limité ici-bas, laissons-nous interpeller par la question si sérieuse du paysan : "Et cela, est-ce à toi ?"

Jésus a dit que la vie d'un homme ne dépend pas de ses biens, même s'il est dans l'abondance. Ce n'est pas l'héritage terrestre qui importe, mais l'héritage céleste, héritage qui n'est pas constitué de propriétés et comptes en banque, mais qui découle de notre foi en Jésus-Christ.

*Azonao jerena manontolo ao amin'ny **www.fjkmisotryfitiavana.org***

# Ny volana oktobra an-tsary



**04**
**oktobra**

**ALAHADIN'NY MPITANDRINA**

Alahady nitondrana am-bavaka ny Mpitandrina mivady sy ny ankohonany. Nitoriteny ny Mpitandrina RANDRIAMISAINA Triomphe

## *Tapatapany*

volana **OKTOBRA**

**04 | FIANGONANA**
Niverina nisokatra tsy nilàna fakàna « ticket » ny fiangonana, ary niditra in-telo.

**04 | ALAHADIN'NY MPITANDRINA**
Niara-nitondra am-bavaka ny Mpitandrina mivady sy ny ankohonany ny Fiangonana manontolo. Nandray anjara fitenenana ny mpitandrina tao anatin'ireo fotoam-pivavahana in-telo fa tamin'ny fidirana faharoa no notanterahina ny fankalazana. Ny Mpitandrina Randriamisaina Triomphe, Filohan'ny AFF Foibe no nitondra ny Tenin'Andriamanitra.

**11 | VOKATRA**
Alahadim-bokatry ny Katekomena sy ny Kristianina Tanora Zandriny

**18 | VOKATRA**
Alahadim-bokatry ny SAMPATI

**25 | SAMPANA FIFOHAZANA**
Nitondra am-bavaka ny sampana sy ny asany ny Fiangonana, izay notanterahina tamin'ny fidirana fahatelo. Nisy ny valopy fanohanana ny asan'ny sampana nozaraina tamin'ny mpianakavin'ny finoana nandritra ireo fotoam-pivavahana in-telo.

*Nangonin'i Dorothée sy Felana*

"Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamonjy, dia Jesosy Kristy Tompo."

*Filipiana 3.20*

## *Pensées et réflexions*

**Etats-Unis**
La magistrate conservatrice Amy Coney Barrett, 48 ans, vient d'être confirmée à la Cour suprême, la plus haute juridiction des Etats-Unis. Elle est connue pour son incapacité à séparer sa foi de son interprétation du droit et ne cesse de plaider pour une plus grande place de la religion dans la société. Elle croit notamment que le mariage se contracte entre un homme et une femme, que la vie commence avec la conception.

**A quand une telle personnalité aux plus hauts sommets de l'Etat à Mada ?**

*Rufin Rakotomaharo*

**Ambassadeurs - Citoyens d'un autre pays**
a) nous devons aimer de moins en moins ce qui est de ce monde. Les paroles chrétiennes et les paroles mondaines ne vont pas ensemble et sont contradictoires.
b) nous ne devons pas nous laisser troubler quand les choses visibles s'écroulent autour de nous, nos richesses sont spirituelles et ne peuvent être dévaluées par la folie des hommes.
c) nous devons soupirer après la patrie éternelle sans pour autant oublier les besoins de cette terre.
Nous sommes citoyens de la Nouvelle Jérusalem, si nous avons accepté Jésus comme notre Sauveur. Là se trouvent tous ces trésors à notre disposition.

*Jean-Claude Guillaume*

**Sois toujours prêt** (Luc 12.40)
Une poursuite avide et immodérée des ressources de ce monde, même celles qui sont essentielles, ne peut que nuire aux serviteurs de Christ. En fait, aucune crainte ne doit prédominer dans notre cœur, comme par exemple, quand nous sommes effrayés par les mauvaises perspectives à venir, et que nous nous appuyons sur de vaines solutions pour éviter le pire.

Si nous sommes confondus par la beauté de la sainteté, nous ne rechercherons pas immodérément les attraits de la vie ici-bas. Examinons-nous : appartenons-nous au « petit troupeau » ? Christ est notre Maître, et nous sommes Ses serviteurs ; non seulement des serviteurs qui agissent, mais aussi qui savent patienter. Nous devons être des hommes qui « guettent » leur Seigneur, qui L'attendent, alors qu'll semble tarder : ils sont en fait, prêts à Le recevoir. Par cette parabole, Christ fait allusion à Sa propre ascension au ciel, à Sa future venue, pour rappeler Son peuple, et à Son retour pour juger le monde.

Ne connaissant pas le moment de Sa venue, nous devons donc être toujours prêts ! Si les hommes prennent tant de soin pour leurs maisons, exerçons la même sagesse pour nos âmes. Soyez prêts vous-mêmes ; aussi prêts que le maître de la maison le serait, s'il savait à quelle heure le voleur devait venir !

*Matthew Henry*

**Ce que Dieu promet, il l'accomplit. Vous aussi, tenez-vous prêts, car le Fils de l'homme viendra**

## *Fivorian'ny MD*

**I - FANAPAHAN-KEVITRA**

- Fankatoavana ny comptes 2017 sy 2018. Atoa Tsiory RAVELONJATO, Mpitahiry vola, no nitondra ny tatitra. Natrehan'ny mpanini-bola Rtoa Antra RANDRIAMAHARO sy Atoa Jean Pierre RAKOTOMALALA ny famakiana ny tatitra.

- Teti-bola sy tetikandro Jobily fisotroan-dronono Pasitera Solofo niaraka amin'ny fanazavana ny Teny Faneva : MIVERENA AMIN'NY FITIAVANAO VOALOHANY (Apok 2. 4-5)

**06/12/2020** : Fanokafana
**31/01/2021** : Alahadin'ny zanaka am-pielezana sy ny taranaka
**14/02/2021** : Alahadin'ny Fikambanan'ny Diakona sy Loholona
**28/02/2021** : Alahadin'ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo
**21/03/2021** : Alahadin'ny aim-panahy
**18/04/2021** : Alahadin'ny sampana, sampan'asa, asa, fikambanana
**30/05/2021** : Alahadin'ny fanambadiana
**06/06/2021** : Alahadin'ny batisa
**25/07/2021** : Alahadin'ny ankohonana
**29/07/2021** : Fankalazana miaraka amin'ny SPAA10
**01/08/2021** : Ivony, Fankalazana miaraka amin'ny Fitandremana
**19/09/2021** :Alahadin'ny zokiolona
**26/09/2021** : Sakafo AGAPE
**03/10/2021** : Alahadin'ny Mpitandrina
**31/10/2021** : Alahdy ho an'ny Fitoriana ny Filazantsara
**28/11/2021** : Alahadin'ny Ecole des Disciples
**19/12/2021** : Famaranana

- Hisy fidirana indroa ny alahady maraina mandava-taona afatsy ny volana Aogositra. Hodinihan'ny Vaomieran'ny Fandaminana ny momba ny Ankatoky ny Mpandray, ny Asa sy fampaherezana ary ny Louange.

- Aménagement faculté de théologie Ambatonakanga (zaridaina misy terrain de basket) : ny 2/3 -n'ny rakitra fahatelo amin'ny taona 2021 no ho enti-manana amin'izany,

- Ny 1/3 amin'ny rakitra fahatelo amin'ny 2021 dia ho entina handokoana ny Fiangonana FJKM Isotry Fitiavana

- Katekomena andiany Zakaria sy Jaona ho raisina Mpandray amin'ny 01 Novambra : natolotry ny Mpitandrina **Atoa RALIDERA Christian** horaisina.

**II - FAMPAHAFANTARANA**

- Chef de projet Fitokanana Anaviavy : **Rtoa RAMAHEFANJATOVO Mialy**
- Coordinatrice accueil Anaviavy : accueil + fifandraisana amin'ny FJKM Betroka : **Rtoa RAVELOARIMANANA Fara Aina**
- Chef de projet GIF : **Atoa DAKADISY Jean Kenny**
- Fanampiana Kere any Atsimo (taratasin'ny foibe) : atao amin'ny rakitra faha-4 mandritra ny fidirana voalohany. (Ampahatsiahivina fa ny rakitra faha -4 mandritra ny fidirana faharoa sy fahatelo dia an'ny SPAA10 noho ny Jobily faha-25 taona)
- Fanatrehana fanompoam-pivavahana alahady maraina : manao sonia isan'alahady aorian'ny fanompoam-pivavahana ny MPIANDRY.

***RAMIANDRISOA Mbola***

Lahatsoratra ho an'ny mpivady

# Mpino mila famonjena eo anivon'ny ankohonany

Ireto misy toro-lalana vitsivitsy notsoahina avy amin'ny tenin'Andriamanitra afaka hamonjy antsika mpino (Sal 107. 20a; Sal 119.105; 1Kor 1.20a):

**1 . Manoloana ny tsy fahampiana**: Hoy ity mpandinika kristiana iray: " izay tsy ananantsika zanak'Andriamanitra amin'ny fotoana iray dia tsy ilaintsika amin'iny fotoana iny, satria efa fantatr'Andriamanitra Raintsika izay tokony ho antsika amin'ny fotoana rehetra" (Mat 6.26).

**2 . Manoloana ny fanahiana**: Miantoraha haingana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka fa aza milona ao. Vokany: apetrak'Andriamanitra ao amin'ny fo sy ny saina ny fiadanany afahana miatrika ny zava-misy sy hahatakarana am-patoniana ny tokony atao (Fil 4.6-7)

**3 . Manoloana ny vady na zanaka na ray aman-dreny maditra**: Ento eo amin'ny Tompo ny vesatrin'ny fo (Mat11.28) sy ilay ankohonana maditra (amin'ny fitiavana sy faharetana ary fanantenana 1 Tes 5.18; 1Kor13.7), fa anjaran'Andriamanitra kosa ny miasa amin'ny fomba mahagaga (Lio18.27)

**4 . Manoloana ny famoizana ny akaikin'ny fo**: Fantaro fa mbola hisy ny fiarahana tsara lavitra maharitra mandrakizay ho an'ny samy mpino (Jao14.1-3)

**5 . Manoloana ny fanenjehana noho ny fijoroana amin'ny finoana**: Fahoriana iaretan'ny efa mpino koa ny fanenjehana ataon'ireo tsy mbola mino anaty ankohonana ( Mat 10.36). Mahonena izy ireny fa tsy mahatsiravina akory, koa aoka hahari-tra hivavaka ho azy amin'ny toe-po toy ny an'i Paoly (Rom10.1)

**Fintina**

Misy foana ny zava-mahory eo anivon'ny ankohonana




mandra-piverin'ny Tompo, koa eo am-piandrasana izany vanim-potoana mahafinaritra izany dia izao ihany:

" Mifalia amin'ny fanantenana; miareta amin'ny fahoriana; mahareta amin'ny fivavahana." (Rom12.12)

" Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra " (Kol 3.16)

***RAKOTONDRAMBOA Saholy***

Jeunes

# Arrêter les rebelles

« Lors des persécutions qui sévirent en Ecosse contre les Réformés, au 18ème siècle, le pasteur John Welsh se perdit dans les montagnes, alors qu'il se rendait à une réunion de chrétiens fixée au lendemain.

La nuit tombait ; il aperçut une maison dans le lointain. Était-ce la maison d'un ami ou d'un adversaire ? Welsh n'avait pas d'autre choix que de frapper à cette porte. Bientôt les propos de son hôte lui confirmèrent qu'il était entré chez un ennemi déclaré des Réformés. Cet homme cherchait à faire comparaître devant les tribunaux un certain John Welsh dont chacun vantait le zèle.

Le digne pasteur ne broncha pas et se contenta de dire :

- Je suis en route pour arrêter des rebelles. Je sais où trouver John Welsh. Si vous voulez bien m'accompagner, je vous livrerai demain.

Dès le lendemain matin, les deux hommes partirent ensemble. On devine la surprise de l'hôte quand il se trouva au milieu de gens réunis pour rendre culte au Seigneur. Et son étonnement grandit encore quand il vit celui qu'il avait logé la veille prendre place dans l'assistance, puis prêcher avec une puissance donnée par Dieu lui-même.

La prédication terminée, l'homme s'approcha de Welsh et lui dit :

- Vous m'avez dit hier soir que vous alliez arrêter les rebelles. Je suis du nombre. Je me suis révolté contre Dieu, mais la grâce a été plus forte, et c'est elle qui s'est emparée de moi ! ».

Jeunes, votre vie actuelle reflète-t-elle un zèle pour notre Seigneur ? ou êtes-vous parmi les rebelles envers Dieu ? Une des leçons que nous pouvons tirer de cette histoire est d'avoir une foi ferme, une confiance totale en notre Sauveur quelque soit la situation. Notre Dieu nous a promis de nous protéger aujourd'hui et pour toujours, de nous garder de tout mal. Ainsi, focalisons-nous plutôt sur son Salut au lieu de sur notre problème. Souvenons-nous toujours que " l'Eternel te gardera de tout mal, Il gardera ton âme" (Psaumes 121. 7). Prenons courage et continuons à marcher dans son plan !

***Onja***

Kristiana mandala ny teny Malagasy

# Andra, miandra, miandrandra

**Andra**

Ilazana ny olona fetsy ny "andra" raha amin'ny heviny miiba, fa anambaràna fitrakan'ny loha hijery ambony amin'ny heviny miabo. Tokony tsy afangaro amin'ny fototeny "andry" izy; izay ilazana fiankinana (ohatra: andrinjiro na "poteau") fitsorana (ohatra: mandry fahalemana) ary fanantenana hiaviana (ohatra: andrasan'ny mino ny fiverenan'ny Tompo).

**Miandra vovonana**

Tsy tia mamantam-piteny ny malagasy fa mihodim-piresaka mba tsy handratra ny teny na koa mba hiangola ny filaza. Io fiangolana io no tsy hilazany avy hatrany hoe handeha hangata-bady. Handrafozana, hangataka ny ho fara, hangataka ny ho dimby, hangataka ny ho andriana amorom-patana. Hampiasainy hifanindrandalana amin'ireo ny hoe " miandra vovonana". Ampiasain'ny ntaolo ato amin'ity fitenenana ity ny teny hoe "miandra": "Akoho minondrano : ny lehibe, miandra ny lanitra ; ny kely, miandra ny lanitra". Mitovy dika ny hoe "minona" sy "misotro".

**Miandrandra**

Tsy zatra miteny hoe "miandra" ny malagasy fa ny verindroa "miandrandra" no mahazatra azy. Indreto ohatra misy fitenenana malagasy roa misy ny teny hoe "miandrandra". Farihy an-kavoana : tsy miandrandra afatsy ny vorona. Akoho misotro rano : ny kely azo enti-miandrandra. Imbalo mampiasa ny teny hoe miandrandra ny Baiboly araka ireto. (1) « Ary andrao raha miandrandra ny lanitra ianao ... » (Deotoronomia 4:19); (2) « ... Andriamanitro ô, menatra sy mangaihay aho, raha miandrandra aminao, » (Ezra 9:6). (3) « ... Ary na dia marina aza aho, dia tsy ho sahy miandrandra, ... » (Joba 10:15). (4) « Fa raha sahy miandrandra aho, ... » (Joba 10:16); (5) « Ny mason'izao rehetra izao miandrandra Anao, ... » (Salamo 145:15). (6) « ... Homan-javatra misy rà sady miandrandra ny sampinareo ianareo ... » (Ezekiela 33:25); (7) « Na dia ny biby any an-tsaha aza dia mihanahana miandrandra Anao, ... » (Joela 1:20); (8) « Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandrà, ... » (Lioka 21:28)

**Fehiny**

Tsy afa-misaraka ny mino sy ny manantena: manantena ny tsara any am-parany, "miandra" indrindra no hevitr'ise, na koa hoe "miandrandra"

***RAKOTOJAONA HERISOA ANDRIANAINA***

*Le coin du médecin*

# Ny voavary

Aretina azo avy amina karazankankana antsoina hoe « Taenia solium » izy io, ka antsoina amin'ny teny frantsay hoe « cysticercose ».

Ny ahitana azy sy ny fisehony :

**Eo amin'ny biby**

Kankana hita eny amin'ny toerana maloto izy io. Ny kisoa mitrongy eny an-tanimbary sy amin'ny toerana fiamontoan'ny olona no mitelina azy ka mitahiry atodiny mihanaka ao amin'ny tenany. Mateti-piseho eny ambanivohitra eto Madagasikara io aretina io : mibontsimbotsina ny nofon-kena raha « miseho » izy, indraindray koa anefa dia tsy miseho io.

**Eo amin'ny olona**

Ny mahazendana dia misy olona tsy miraika amin'io fa ataony tsara ketrika fontsiny « hono » dia tsy mampaninona azy. Izay tratrany aloha dia mampiseho aretin-kozatra : misy fahavoazan'ny atidoha, tatry ny fanintona, miendrika aretin'an-doha, fandoavana, maloiloy. Ny aretin'atidoha dia hita any amin'ny olona enika io « kankana » io.

**Ny fitandremana**

Azo tsaboina ny voavary, nefa mety mamela takaitra ratsy. Koa eo anatrehan'izany, mila mailo ny mpihinana henankisoa :

- Fidio tsara ny toerana ividianana hena-kisoa
- Ketreo tsara ny nahandro hamonoana ny voavary, fadio ny mangotra-tokana (azonao ve ?)
- Manatona manam-pahaizana manokana raha sendra tojo azy.

Aza hadino ny manankina ny fahasalamana amin'ny Tompo fa Izy no tompon'ny fahefana rehetra.

Samia ho tahin'i Jesoa

***Dr. Rakotomalala Roger Arthur***

**Gazetin'Isotry Fitiavana**

Talen'ny Famoahana:
**RAMAHOLIMIHASO Solofo, Mpitandrina**

Talen'ny Fanoratana:
**RAKOTOMAHARO Rufin**

Mpandrindra:
**DAKADISY Kenny**

Mpandrindra mpanampy:
**RABEVAZAHA Felana**
**RAKOTOMALALA Dorothée**
**RAVELOARIMANANA Fara**
**RARIVOARIVELOMANANA Kanto**

Mpaka sary:
**RANAIVOARISON Tianaina**

62, Làlana Victoire Rasoamanarivo
101 Antananarivo

Tél : +261 32 05 645 49

Novambra 2020